



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**NY FAKAM-PANAHY – LES TENTATIONS**

Sabotsy 20 jiona 2020  
*Samedi 20 juin 2020*

**SAMBATRA IZAY MAHARITRA (Jak. 1, 1-27)**  
**– HEUREUX CELUI QUI PERSEVERE (Jac. 1, 1-27)**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :** Aoka hivavaka isika rehetra –  
*Prions ensemble :*

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu : Jak. (Jac.) 1, 22 :** Andeha hovakiansika ny Jak. 1, 22 –  
*Lisons ensemble Jac. 1, 22 :*

Fa aoka ho mpankato ny Teny ianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo. Amen ! - *Mettez en pratique la Parole et ne vous contentez pas de l'écouter en vous trompant vous-mêmes par de faux raisonnements. Amen !*

**Teny fampidirana – Introduction :** Ry havana – *Chers frères et sœurs :*

**Hira (Chant) chorale : Ahy i Jesosy – (KTLM Tanora Masina Itaosy)**

Tsy haiko na maro ireo misaina toa ahy  
Raha mandinika ny tontolo ety  
Toa anjakan'ny aizina  
Ka ny marina indray no miafy.

Indraindray aza aho dia solafaka mihitsy  
Mialona ireo mpanao ratsy,  
Manome tsiny Anao ry Ray :  
Ifonako eto izany.

Refrain :

*Ry foko tomany,*

*Matetika ianao no manontany  
Hoe rahoviana no hifarana eh  
Ireo fahoriana be dia be ?*

*Nefa manana aho, Jesosy ô, manana Anao  
Ka tsy ahoako izany rehetra izany  
Sambatra aho manana Anao  
Anjarako eto an-tany.*

« Andriamanitra mahasoana ny olony tokoa dia ny madio fo.  
Fa izao dia saika nibolisatra ny tongotro, saika solafaka ny diako satria, nialona ny mpirehareha aho raha nahita ny fiadanan'ny ratsy fanahy.  
Iza no ahy any an-danitra ? Ary tsy misy ety ambony tany iriko tahaka Anao.  
Fa na dia levona aza ny nofoko sy ny foko dia mbola vatolampin'ny foko sy anjarako mandrakizay Andriamanitra.  
Ary, indro, very izay lavitra Anao, aringanao izay mahafofy Anao ».

## FIZARANA 1 – PARTIE 1

### Teksta 1 – Texte 1 : Jak. 1, 1-12 :

1 Jakoba, mpanompon'Andriamanitra sy Jesosy Kristy Tompo, mamangy ny firenena roa ambin'ny folo monina any am-pielezana. 2 Ry rahalahiko, ataovy ho fifaliana avokoa, raha iharan'ny fakam-panahy samy hafa ianareo, 3 satria fantatrarao fa ny fizahan-toetra ny finoanareo dia mahatonga faharetana. 4 Ary aoka ny faharetana hisy asa tanteraka, mba ho tanteraka sy tonga ohatra hianareo, ka tsy hisy tsy ampy na inona na inona. 5 Ary raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany. 6 Nefa aoka hangataka amin'ny finoana izy ka tsy hiahahanana akory; fa izay miahahanana dia toy ny alon-dranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany. 7 Fa aoka tsy hanampo handray zavatra amin'ny Tompo izany olona izany: 8 olona miroa saina izy, miovaova amin'ny alehany rehetra. 9 Aoka ny rahalahy izay ambany hanao ny fisandratany ho reharehany; 10 fa ny manan-karena kosa ny fietreny, satria ho levona tahaka ny vonin'ny ahitra izy. 11 Fa miposaka ny masoandro mbamin'ny hainandro mahamay, dia mampahalazo ny ahitra, ka mihintsana ny voniny, ary levona ny hatsaran-tarehiny; dia toy izany koa no ho fahalazon'ny manan-karena amin'ny alehany. 12 Sambatra izay olona maharitra fakam-panahy; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satroboninahitra fiainana, izay nolazain'ny Tompo homena izay tia Azy.

*1 De la part de Jacques, serviteur de Dieu et du Seigneur Jésus-Christ, aux douze tribus dispersées : salut ! 2 Mes frères et soeurs, considérez comme un sujet de joie complète les diverses épreuves auxquelles vous pouvez être exposés, 3 sachant que la mise à l'épreuve de votre foi produit la persévérance. 4 Mais il faut que la persévérance accomplisse parfaitement sa tâche afin que vous soyez parfaitement qualifiés, sans défaut, et qu'il ne vous manque rien. 5 Si l'un de vous manque de sagesse, qu'il la demande à Dieu, qui donne à tous simplement et sans faire de reproche, et elle lui sera*

donnée. **6** Mais qu'il la demande avec foi, sans douter, car celui qui doute ressemble aux vagues de la mer que le vent soulève et agite de tous côtés. **7** Qu'un tel homme ne s'imagine pas qu'il recevra quelque chose du Seigneur : **8** c'est un homme partagé, instable dans toute sa conduite. **9** Que le frère de condition humble tire fierté de son élévation. **10** Que le riche, au contraire, se montre fier de son abaissement, car il disparaîtra comme la fleur de l'herbe. **11** Le soleil se lève avec son ardente chaleur, il dessèche l'herbe, sa fleur tombe et toute sa beauté s'évanouit. De même, le riche se flétrira dans ses entreprises. **12** Heureux l'homme qui tient bon face à la tentation car, après avoir fait ses preuves, il recevra la couronne de la vie que le Seigneur a promise à ceux qui l'aiment.

**Fanamarihana 1 : – Commentaires 1 : Ny fizahan-toetra sy ny fakam-panahy - Les épreuves et les tentations / Ny amin'ny manan-karena sy ny mahantra - Perspective des Riches et des Pauvres :**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonana sy ny fianakaviana mba - pour le foyer et la famille pour que :
- ho an'ireo izay namoy havan-tiana mba – pour ceux qui ont perdu un être cher pour que :

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :**

Ry Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô,

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay, Amen ! – Au Nom de notre Seigneur Jésus-christ, Amen !

**Hira (Cantique) 651, 1-2 : Jeso, ampio izahay mba handresy :**

1. Jeso, ampio izahay mba handresy !  
Ny fahavalo mamely anay !  
Indro ny aizina tsy mbola resy,  
Ary Satana mamandrika anay.  
Ka mba omeo anay ny mazava  
Hampahasahy anay lalandava.
2. Jeso, ampio izahay mba handresy !  
Kely finoana re izahay.  
Kivy matetika, mila ho resy  
Aoka ny herinao homba anay.  
Dia hatoky izahay, ry Mpandresy,  
Fa ny devoly dia ho voasesy.

**FIZARANA 2 – PARTIE 2**

**Teksta 2 – Texte 2 : Jak. 1, 13-21 :**

13 Raha misy alaim-panahy, aoka izy tsy hanao hoe: Andriamanitra no maka fanahy ahy; fa Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaim-panahy, sady tsy mba maka fanahy olona izy; 14 fa samy alaim-panahy ny olona, raha tarihin'ny filany sy fitahiny izy. 15 Ary ny filana, rehefa torontoronina, dia miteraka ota; ary ny ota, rehefa tanteraka dia miteraka

fahafatesana. 16 Aza mety hofitahina hianareo, ry rahalahy malalako. 17 Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana tanteraka rehetra dia avy any ambony ka midina avy amin'ny Rain'ny fanazavana, Izay tsy misy fiovaovana na aloka avy amin'ny fihodinana. 18 Tamin'ny sitrapony no niterahany antsika tamin'ny teny fahamarinana, mba ho santatry ny zavatra noforoniny isika. 19 Fantatrareo izany, ry rahalahy malalako. Kanefa aoka ny olona rehetra halady hihaino, ho malai-miteny, ho malain-ko tezitra; 20 fa ny fahatezeran'ny olona tsy ahafana izay marina eo imason'Andriamanitra. 21 Koa ario ny fahalotoana sy ny lolom-po rehetra, ary ekeo amin'ny fahalemem-panahy ny teny nambolena, izay mahavonjy ny fanahinareo.

*13 Que personne, lorsqu'il est tenté, ne dise : « C'est Dieu qui me tente », car Dieu ne peut pas être tenté par le mal et il ne tente lui-même personne. 14 Mais chacun est tenté quand il est attiré et entraîné par ses propres désirs. 15 Puis le désir, lorsqu'il est encouragé, donne naissance au péché et le péché, parvenu à son plein développement, a pour fruit la mort. 16 Ne vous y trompez pas, mes frères et soeurs bien-aimés : 17 tout bienfait et tout don parfait viennent d'en haut; ils descendent du Père des lumières, en qui il n'y a ni changement ni l'ombre d'une variation. 18 Conformément à sa volonté, il nous a donné la vie par la parole de vérité afin que nous soyons en quelque sorte les premières de ses créatures. 19 Ainsi donc, mes frères et soeurs bien-aimés, que chacun soit prompt à écouter, lent à parler, lent à se mettre en colère, 20 car la colère de l'homme n'accomplit pas la justice de Dieu. 21 C'est pourquoi, rejetez toute souillure et tout débordement dû à la méchanceté, et accueillez avec douceur la parole qui a été plantée en vous et qui peut sauver votre âme.*

## **Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 :**

### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny Fiangonana mba - *pour l'Église pour que :*
- ho an'ireo marary mba – *pour les malades pour que :*

### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :**

#### **Hira (Cantique) 455, 1-3 : Ny androm-pahasoavana :**

1. Ny androm-pahasoavana maneho zava-baovao.  
Mahazo fahasambarana izao tontolo izao.  
Ravoravo ny efitra maina mbamin'ny tany karankaina  
He, torina ny teny soa, ka dia afaka avokoa  
Ny olom-bery maniry ho velona.
2. Ka miandrindra ny lanitra ny malahelo izao.  
Mihoby izy fa sambatra, nahazo aina vaovao.  
He, vahana ireo migadra, afaka ny midradradra,  
Mitsambikina ny mandringa, faingana izy sady kinga,  
Ary mihoby ny lelan'ny moana.
3. Ny very no tadiavina mba hody amin'ny Ray.  
Ny maty dia velomina ka ravo mandrakizay.  
Izy dia mifady ny ota, noho ny lova tsy ho tonta,

Sady manaraka Azy Tompo, izay voaeso sy voahombo,  
Ambara-podiny any an-danitra.

### FIZARANA 3 – PARTIE 3

#### Teksta 3 – Texte 3 : Jak. 1, 22-27 :

22 Fa aoka ho mpankato ny teny ianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo. 23 Fa raha misy mpihaino ny teny, nefa tsy mpankato, dia toy ny olona mizaha ny tarehiny eo amin'ny fitaratra izy; 24 fa mijery ny tenany izy, dia lasa, ary miaraka amin'izay dia hadinony ny tarehiny. 25 Fa izay mandinika ny lalàna tanteraka, dia ny lalàn'ny fahafahana, ka maharitra amin'izany, raha tsy mpihaino manadino, fa mpanao ny asa, dia ho sambatra amin'ny asany izany olona izany. 26 Raha misy manao azy ho mpivavaka, nefa tsy mamehy ny vavany, fa mamitaka ny fony, dia zava-poana ny fivavahan'izany olona izany. 27 Iza no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra Ray: ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin'ny fahoriany, sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin'izao tontolo izao.

*22 Mettez en pratique la parole et ne vous contentez pas de l'écouter en vous trompant vous-mêmes par de faux raisonnements. 23 En effet, si quelqu'un écoute la parole et ne la met pas en pratique, il ressemble à un homme qui regarde son visage dans un miroir 24 et qui, après s'être observé, s'en va et oublie aussitôt comment il était. 25 Mais celui qui a plongé les regards dans la loi parfaite, la loi de la liberté, et qui a persévéré, celui qui n'a pas oublié ce qu'il a entendu mais qui se met au travail, celui-là sera heureux dans son activité.*

*26 Si quelqu'un [parmi vous] croit être religieux alors qu'il ne tient pas sa langue en bride mais trompe son propre coeur, sa religion est sans valeur. 27 La religion pure et sans tache devant Dieu notre Père consiste à s'occuper des orphelins et des veuves dans leur détresse et à ne pas se laisser souiller par le monde.*

#### Fanamarihana 3 : – Commentaires 3 :

##### Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'izay ao anatin'ny sedra mba – pour ceux qui subissent des épreuves pour que :
- ho an'ireo mpitsabo mba – pour les soignants pour que :

##### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

##### Hira (Cantique) 550, 1 sy 3 : Ry Tompo ô, ny tany maina :

1. Ry Tompo ô, ny tany maina  
No itoerako.  
Midina re, ry Andon'aina  
Ho ao anatiko.
3. Ny afonao ampandreseo  
Ny afon'nofoko.  
Ny sitrakao anie hekeko  
Ho tena sitrako.

**Teksta – Texte : Apôk. 3, 10-13 :**

10 Satria efa nitandrina ny Teniko ny amin'ny faharetana ianao, Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin'ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin'izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin'ny tany. 11 Ho avy faingana Aho : tano mafy izay anananao, mba tsy hisy haka ny satroboninahitrao. 12 Izay maharesy no hataoko andry eo amin'ny tempolin'Andriamanitro, ary tsy hiala eo intsony izy; ary hosoratako eo aminy ny anaran'ny tanànan'Andriamanitro, dia Jerosalema vaovao, izay midina avy any an-danitra avy amin'Andriamanitro, ary ilay anarako vaovao. 13 Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny Fiangonana.

*10 Parce que tu as gardé mon ordre de persévérer, je te garderai aussi à l'heure de la tentation qui va venir sur le monde entier pour mettre à l'épreuve les habitants de la terre. 11 Je viens bientôt. Tiens ferme ce que tu as, afin que personne ne prenne ta couronne. 12 Du vainqueur je ferai un pilier dans le temple de mon Dieu, et il n'en sortira plus jamais. J'écrirai sur lui le nom de mon Dieu, celui de la ville de mon Dieu, la nouvelle Jérusalem qui descend du ciel, d'après de mon Dieu, ainsi que mon nom nouveau. 13 Que celui qui a des oreilles écoute ce que l'Esprit dit aux Eglises.*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :**

**Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,*

*Que ton Nom soit sanctifié,*

*Que ton Règne vienne,*

*Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.*

*Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.*

*Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.*

*Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.*

*Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

**Hira (Chant) chorale :** Andeha isika, ry havana, hihaino hira chorale iray – *Chers frères et sœurs, écoutons un chant la chorale : Fa aoka ho mpankato ny Teny ianareo* (lien hira : [https://www.youtube.com/watch?v=8tNiGQv\\_Dbk](https://www.youtube.com/watch?v=8tNiGQv_Dbk)) (Jakoba 1, 22).

**Tso-drano – Bénédiction :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !*

**Fanirahana - Envoi :**

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

*Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !*

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**